Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

12 Juin 2020 (Past Zaranaina ANDRIALAMPISON)

Mpitandrina : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Ampitomboina ho anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana amin' ny fahalalana tsara an' Andriamanitra sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Hira : Antoko mpihira

Vavaka (Mpitandrina)

Lohahevitra : Anio isika dia handinika manokana ny amin'ny atao hoe: *"fahamasinana"* ka ny 1 Kor 5, 1-13 no hohadihadiantsika amin'izany.

Vakiteny 1 : 1 Kor 5, 1-2

« 1 Efa re marina fa misy fijangajangana atỳ aminareo, eny, dia fijangajangana izay tsy misy tahaka azy na dia amin' ny jentilisa aza, fa misy anankiray manambady ny vadin-drainy.2 Ary hianareo indray va no mirehareha, ka tsy nampalahelo anareo akory izany, mba hesorina tsy ho ao aminareo ilay nanao izany zavatra izany? »

Fanazavana ny teny

Hira : 415 FFPM and 1,2,3 « Mifona Aminao izahay, Andriamanitra ô »

Vavaka :

Fifonana manoloana izany tenin'Andriamanitra izany:

- Fifonana noho ny ratsy natao – noho izay rehetra natao tsy nifanaraka tamin'ny sitrapon'Andriamanitra.

- Fifonana noho ny fankasitrahana ny ratsy ataon'ny hafa.

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 2 : 1 Kor 5, 3-5

"3 Fa izaho, na dia tsy teo aza ny tenako, nefa teo ihany ny fanahiko, dia efa nitsara sahady an' ilay nanao toy izany, tahaka ny teo ihany aho:4 amin' ny anaran' i Jesosy Tompontsika - rehefa tafangona hianareo sy ny fanahiko omban' ny herin' i Jesosy Tompontsika -5 hanolotra izany anankiray izany ho an' i Satana hanimbana ny nofo, mba hamonjena ny fanahy amin' ny andron' i Jesosy Tompo."

Fanazavana ny teny

Hira : 499 FFPM and 1,2 « Inona re no atakaloko an'i Jesosy »

Vavaka :

- Fisaorana ny Tompo noho ny fitiavany ny mpanota. Tia mpanota Jesosy fa mankahala fahotana.

- Fitalahoana fiainam-baovao avy Aminy.

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 3 : 1 Kor 5, 6-8

"6 Tsy mety ny fireharehanareo. Tsy fantatrareo va fa ny masirasira kely dia mahazo ny vongana rehetra?7 Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy maha-misy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika;8 ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin' ny masirasira ela, na amin' ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin' ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana."

Fanazavana ny teny

Hira : 446 FFPM and 1,2 « Atolotro anao ny tenako; ry Raiko »

Vavaka :

- Ho an'ny isan-tokantrano mba hazoto hanolon-tena ho an'ny Tompo
- Ho an'ny fitoriana ny Filazantsaran'i Kristy manerana ny tany

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 4 : 1 Kor 5, 9-13

"9 Nanoratra taminareo teo amin' ny epistily aho mba tsy hiharoharoanareo amin' izay mpijangajanga;10 nefa tsy ny mpijangajanga rehetra amin' izao tontolo izao, na ny mpierina sy ny mpanao an-keriny, na ny mpanompo sampy; fa raha izany, dia tsy maintsy miala amin' izao tontolo izao hianareo.11 Fa ny nanoratako taminareo, dia ny mba tsy hiharoharoanareo aminy, raha misy atao hoe rahalahy, nefa mpijangajanga, na mpierina, na mpanompo sampy, na mpanaratsy, na mpimamo, na mpanao an-keriny, dia aza miara-mihinana akory amin' ny toy izany hianareo.12 Fa ahoako ny hitsara ny any ivelany? Tsy ny ao anatiny va no tsarainareo?13 Fa ny any ivelany dia tsarain' Andriamanitra. Esory aminareo ilay mpanao ratsy. »

Fanazavana ny teny

Hira : 446 FFPM and 3 "Atolotro anao, ny tenako, ry Raiko; fa izany indrindra re no hetahetako"

Vavaka :

- Ho an'izao tontolo izao sy ny fiaraha-monina misy antsika
- Hetahetanao manokana

Vavaka (Mpitandrina) + « *Rainay izay any an-danitra…* »

Tsodrano :

« Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan’ i Jesosy Kristy Tompo sy ny fitiavan’ Andriamanitra Ray ary ny firaisana amin’ ny Fanahy Masina. » (2 Kor 13, 14)

Mpitarika: Voninahitra ho an’Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin’ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin’ny fiadanan’ny Tompo. Amena.